REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA**

*Alarobia 4 may 2022 – Lapam-panjakana Iavoloha*

Notanterahina androany ny Filankevitry ny Minisitra izay notarihin'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina ary nahitana ny Praiminisitra sy ireo Minisitra isan-tokony.

# I- FAMPITANA AM-BAVA

**MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA**

**Mikasika ireo fotodrafitrasa ho an'ny fahasalamana dia nampatsiahivina fa miisa 69 ireo tobim- pahasalamana fototra (CSB) ary 15 ireo Hopitaly Manarapenitra (HMP) izay haorina ho an'ny taona 2022.**

Ho an'ity taona ity dia hisitraka izany ny distrikan'Ambilobe - Manakara - Mananjary - Farafangana- Vangaindrano - Ambositra - Ampanihy - Bekily - Ambatondrazaka - Maroantsetra - Sambava - Atsimondrano - Ambovombe - Amboasary – Mananara

**MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY + MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA**

**Tsy azo atao ny fanovàna ny « Visas touristiques » ho « Visa transformable » na « Visa de courtoisie ».**

Nampatsiahy ireo Minisitra tompon'andraikitra roa fa araka ny didy aman-dalàna manankery dia tsy azo atao ny mamadika ny « visas touristiques » ho « visas de long séjour » na visa de courtoisie ».

Marihina fa ireo « visas transformables » omen'ireo Masoivoho sy Kaonsilin'i Madagasikara sy ny « visa d'entrée » izay alaina amin'ny aterineto no azo havadika ho « visa long séjour » na « visa de courtoisie ».

Noho izany, ny minisitera roa tonta dia tsy afaka manome valiny mahafapo ho an'ireo fangatahana mifandraika amin'ny fanovana ny « visa touristique ».

Nampahatsiahivina fa zava-dehibe ny fanajàna ny fitsipika manan-kery ankehitriny, amin'ny lafiny fifindra-monina. Nentanina ihany koa ireo departemanta teknika mba hampahafantatra an'ireo mpiaramiombon'antoka aminy avy fa tokony « visa » mifanaraka amin'ny anton-draharahany eto Madagasikara ihany no hidirany eto, raha tsy izany dia hiaran'ny fandroahana izy rehefa tapitra ny fepotoan'ny « Visa » ananany.

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Nankatoavina ny fanatsarana ny fanatanterahana ireo tetikasa fampiasam-bolam-panjakana anatiny ho an'ity taom-piasàna 2022 ity.**

Tsapa tao anatin'ny taona maro nifanesy fa misy fahataràna be ny fotoana andefasan'ireo PRMP an'ireo Minisitera ny antso tolobidy momba ny tetikasa fampiasam-bolam-panjakana (PIP), hany ka miangona any amin'ny faran'ny taom-piasana avokoa ireo fikarakarana ny fandoavam-bola rehetra.

Misy fiantraikany amin'ny tahan'ny fanatanterahana ny tetibola sy ny fanatanterahana ny asa ary ny fandrindrana ny asa eo amin'ireo mpikirakira ny fandrindrana ara-bola, ary indrindra eo amin'ny tahan'ny fitomboan'ny harikarena faobe (taux de croissance) nefa izany.

Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanambola dia manolotra ireto fepetra manaraka ireto mba hanatsarana ny fampiasana ny tetibola mifandraika amin'ny tetikasa fampiasam-bolam-panjakana 2022 :

- Ny taha amerana ny fandaniam-bola ho an'ny tetikasa fampiasam-bolam-panjakana dia raiketina ho 100% dieny ny volana Janoary 2022 (ny tetibola fampandehanan-draharaha dia halamina manaraka ny fanatanterahana ny fampidiram-bola)
- Ny fifanarahana amin'ny tsenam-barom-panjakana ho an'ny tetikasa fampiasam-bolam-panjakana dia avoaka alohan'ny fiafaran'ny Telo volana faharoa amin'ny taona 2022 mba ahafahana manatanteraka ny fanombohan'ny asa rehetra, ny volana Aogositra 2022 farafahatarany, indrindra ho an'ny tetikasa efa voafaritra ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Tetibola 2022.
- Entanina ihany koa ny handrosoana ireo NPE an'ireo Minisitera amin'ny Filan-kevitry ny Minisitra mialoha ny faran'ny volana jona mandritra.
- Hisy fitaovam-piasana vaovao hatolotra hirosoana amin'ny tontolon-drindrakajy ho an'ny dingana arahana amin'ny fangatahana alalana amin'ny fampiasam-bola (demande d'autorisation d'engagement).

Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia hametraka rafitra hanampy ireo Minisitera mba hiantohana ny fahombiazan'ireo fepetra ireo

**<u>MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA</u>**

**Nankatoavina ny fandaharan'asa fanatanterahana ireo « Nouveaux Projets d'Emergences » (NPE), izay mitentina 18 416 662 000 Ar.**

Ao anaty ny famolavolana ireo « Nouveaux Projets d'Emergence » (NPE) an'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka ho an'ny taona 2022 dia tetikasa miisa 5 no nankatoavina, dia :

- Ny fananganana trano misy ny birao sy ny trano fonenan'ny Kaomisarian'ny Filaminam-bahoaka any amin'ny Distrikan'ANKAZOBE, BENENITRA, BEALANANA, MANDRITSARA, IKONGO ary TSARATANANA. Ireo fanorenana ireo dia anisan'ireo fampanantenan'ny Filohan'ny Repoblika ;
- Ny fananganana ny biraon'ny Fitaleavana Rejionalin'ny Filaminam-bahoaka (DRSP) any Vatovavy ;
- Ny ampahany misy fepetra (tranches conditionnelles) ho an'ny asa fanorenana ny Kaomisarian'ny Filaminam-bahoaka any amin'ny Distrikan'i BEFANDRIANA AVARATRA, MITSINJO, BETIOKY, BEKILY, BETROKA ary ANTANAMBAO MANAMPOTSY ;
- Ny famaranana ireo asa tamin'ny 2021 sy ny fampandehanana ny Kaomisarian'ny Filaminam-bahoaka any amin'ny distrika miisa 16 ;
- Ny fanamafisana ny fahafaha-mandray sy ny fanatsarâna ireo fotodrafitrasa fampiofanana ho an'ireo sekoly miisa roa.

**<u>MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA</u>**

**Nankatoavina ireo anarana natolotry ny « Komity Fanomezana sy Fanovana Anarana ireo Fotodrafitrasam-panjakana sivily » na KFFAFS eo anivon'ny Ministeran'ny Serasera sy ny Kolontsaina ho an'ireo fotodrafitrasam-panjakana.**

Ho fahatsiarovana ireo olo-manga nametraka tantara sy ireo zava-bitany ho an'ny taranaka fara mandimby no anton'izany, ary indrindra mba hameloma-maso indray ny tantara fonoson'ireny fotodrafitrasam-panjakana ireny.

Ny fanomezana na fanovana anarana vaovao dia avy amin'ny tolo-kevitry ny minisitera tsirairay, na koa tolo-kevitra avy amin'ny olom-pirenena izay entina dinihina sy tapahana

eo anivon'ny Komity misahana izany. Rehefa izany, dia ho entina hakan-kevitra eo anivon'ny fiaraha-monina ifotony voakasik'izany. Arak'izany, ny mpikambana tsirairay mandrafitra ny Komity dia nahazo ny fintin'ny mombamomba ilay olo-manga hitondra ny anaran'ilay fotodrafitrasa.

Naroso teo anivon'ny Filankevitry ny Governemanta ny 30 martsa 2022 ny vokatr'izany asa nataon'ny KFFAFS izany ary nankatoavina ny anarana fotodrafitrasa miisa 23 narosony.

## MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA

**Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny Foyers Universitaires Malgaches na FUM ao Arago sy Cachan any Frantsa**.

Ny FUM any Frantsa dia tranom-panjakana Malagasy eo ambany fiahian'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika (MESupReS), izay natao handraisana ireo mpianatra sy mpampianatra ary mpikaroka Malagasy mandranto fianarana ao Frantsa. Tamin'ny taona 1960 no nanorenana izany ka ny Filohan'ny Repoblika Philibert TSIRANANA no nametraka ny vato fehizorony ary vita sy notokanana ny 18 janoary 1962.

Arak'izany, feno 60 taona amin'ity taona 2022 ity ny FUM. Ny komity mpikarakara ny fankalazana ny jobily faha-60 taona nanorenana ity toerana ity kosa dia ahitana solontena avy amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fiakarohana Siantifika, avy amin'ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra ary solontenan'ny mpianatra. Hisy lanonam-panokanana sy hetsika ara-tsiantifika sy ara-kolontsaina isan-karazany entina manamarika izay fankalazana izany.

## MINISITERAN'NY ASA VAVENTY

**Nankatoavina ny fandraisana anjaran'ireo solontenan'ny Ministeran'ny Asa Vaventy amin'ny fampahafantarana ireo asa fanamboarana fotodrafitrasa lalana sy lalam-be mikodana (autoroute) ataon'ny orinasa SAMCRETE izay hotanterahina any Egypta**.

Izany dia tafiditra ao anatin'ny tetikasan'ny Fitondram-panjakana hanamboatra ny lalam-be mikodana mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina.

Hotanterahina ny 12 may hatramin'ny 17 may ho avy izao izany fitsidihana an'ny Egypta izany. Mandritra izany ihany koa no hamaritan'ny Minisitera ireo antsipirihany ara-teknika izay nifandinihany tamin'ny orinasa SAMCRETE nandritra ireo dingana isan-karazany nenti-nametrahana ity tetikasa ity. Ny tanjon'izany dia ny mba hahafahana manomboka ny tetikasa farak'izay haingana.

## MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA

**Nankatoavina ny fampitàna am-bava momba ny fampahafantarana an'ireo orinasa voasafidy hanatanteraka ireo Tetikasam-pampandrosoana ny Fiompiana.**

Ho fampiroboroboana ny famatsiam-bola ao amin'ny sehatry ny fiompiana ary hanomezana vahana ny fampandrosoana ara-tsosialy sy ara-toekarena eny anivon'ireo fiaraha-monina manodidina, dia nanao antso ho an'ireo izay manana tetikasam-pamokarana maharitra amin'ny sehatry ny fiompiana ny Minisitera. Ireo mpandraharaha Malagasy sy iraisam-pirenena no niantefan'izany antso izany.

Ireo orinasa manana tetikasa mifanindran-dalana amin'ny paikady enti-mampandroso ny sehatra fiompiana ary mahafeno ny mason-tsivana napetraky ny minisitera no voafantina tamin'izany. Toy ireo tetikasa tsinjo fa azo tanterahina tsara no sady maha-velona na ara-teknika na ara-bola, ireo tetikasa manome vahana ny

fampandrosoana ifotony ary manaraka ny fenitra ara-tontolo iainana sady manaja ny fomba sy ny soatoavin'ny fiaraha-monina ifotony.

Arak'izany, ireto orinasa manaraka ireto no nofantenan'ny Minisitera :

- Societe d'Alimentation de Bétail Marotia (SABMA)
- Société ACTIVO
- Société d'Exploitation Bovine de Madagascar (SEBM)
- Madagascar Cattle Farm (MCF),
- Madagascar Pharmaco Science (MPS),

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Nankatoavina ny hanomezana famatsiam-bola fanampiny mifandraika amin'ny fikojakojàna ireo fotodrafitrasa stratejika tsy azo afindra an'ireo tambazotra fanondrahana voly eo amin'ny lemaka ivan'i Mahavavy-Ambilobe, Faritra Diana, ao anaty ny Fandaharan'asa Fampiasam-bolam-panjakana na « Programme d'Investissement Public » (PIP) an'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana.**

Ho fampandehanana tsara ireo fotodrafitrasa nasiam-panavaozana sy ireo fampitaovana azo tao anaty ny Fandaharan'asa AFAFI-NORD sy MAPS izay vatsian'ny Vondrona Eoropeana ao anatin'ny FED faha 11 dia laharam-pahamehana ny manatanteraka ireto asa miisa telo manaraka ireto :

- fametrahana ara-potoana ny tohadrano (barrage en épi de sable) ;
- fitantanana ny milina manala fasika (machine drague du dessableur) ;
- fandraisana an-tanana ny faritra (périmètre) ho toy ny faritra miara-miasa (périmètre partenaire).

**MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA**

Nankatoavina ny handraisan'ny Fanjakana an-tanana an'ireo DTI alohan'ny hanafarana an'ireo fitaovana izay vatsian'ny UNICEF ho an'ny fampandrosoana ny sehatry ny Rano, indrindra ireo hamehana any amin'ny Faritra Atsomon'ny Nosy

Nankatoavina ny handraisan'ny Fanjakana an-tanana an'ireo DTI amin'ny fanafarana fitaovana informatika novatsian'ny UNICEF milanja 221 kilao, ho fanamafisana ny hairahan'ireo mpiasan'ny Minisitera sy ny rantsa-mangaikany

**MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY SY NY LOHARANON-KARENA STRATEJIKA**

Nankatoavina ny fampitàna am-bava mikasika ny fametrahana « zones d'encadrement » ho an'ireo vondron'ny mpitrandraka harena an-kibon'ny tany sy volamena madinika.

**SEKRETARIAM-PANJAKANA MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA**

Nankatoavina ny fampitàna am-bava mikasika ireo « Nouveaux Projets de l'Emergence » (NPE) an'ny Sekretariam-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena. Ireto avy izy ireo :

- Sambava ho an'ny « Unité spéciale » ho an'ny fiarovana ny sehatry ny lavanila
- Marolambo ho an'ny Borigadin'ny Zandarimaria
- CSAO any amin'ny faritra Androy hanamafisana ny ady amin'ny dahalo
- Ambositra ho an'ny Sekolin'ny Zandariamriam-pirenena

**SEKRETARIAM-PANJAKANA MISAHANA NY TANANA VAOVAO SY NY TOERAM-PONENANA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

**Nankatoavina ny handraisan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola an-tanana ny fandaniana amin'ireo NPE an'ny Sekretariam-panjakana misahana ny Tanàna vaovao sy ny Toeram-ponenana mifandraika amin'ny fananganana trano fonenana an'ny taona 2021.**

**Nankatoavina ny fampitàna am-bava mikasika ny fampahatsiahivana ny fangatahana fandraisana an-tanana an'ireo asa miisa dimy (05) an'ny SENVH nalefa tany amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.**

Ireto avy izany :

- Asa fanorenana trano fonenana miisa 80 any Morondava
- Asa fanorenana trano fonenana miisa 80 any Imerintsiatosika
- Asa fanorenana trano fonenana miisa 20 any Ambovombe
- Asa famatsiana rano fisotro madio ny toerana hananganana trano fonenana any Imerintsiatosika
- Fanaovana rarivato ny lalana fidirana sy ny lalana anatiny ao amin'ny faritra hananganana ny trano fonenana any Imerintsiatosika

**Nankatoavina ny hanomezana famatsiam-bola ny « Nouveau Projet Emergent » mifandraika amin'ny fananganana ny Pôle Urbain vaovao any Fianarantsoa : fanorenana ny Coliseum sy fanajariana ny toerana hanatanterahana ny tetikasa.**

## II- FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANAN'ASA, NY ASAM-PANJAKANA ARY NY LALANA SOSIALY**

**Noraisina ny didim-panjakana mamaritra ny fampiakaran-karama ho an'ny mpiasam-panjakana**

Manomboka ny 1 volana may 2022, ireo mpiasam-panjakana, ireo mpiasa eo anivon'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana sy ireo tranom-panjakana nasionaly ary ireo « agents non encadrés » (EFA, ELD, ECD, EMO, ES) dia hisitraka fisondrotakarama eo anelanelan'ny 25% ka hatramin'ny 5%

**Noraisina ny didim-panjakana mamaritra ny karama farany ambany ho an'ny sehatra tsy miankina**

Izany dia ho fampiharana ny fanapahan-kevitra izay niarahana nandray tamin'ny fihaonana niarahana tamin'ireo solon-tenan'ny eo amin'ny sehatra tsy miankina izay mametra ny karama farany ambany ho 250 000 Ariary.

**Noraisina ny didim-panjakana mamaritra ireo fepetra manokana mikasika ny fampiakarana ny karama farany ambany eo amin'ny sehatra tsy miankina**

Araka ny nifanarahana nandritry ny fihaonana izay voalaza etsy ambony dia hisy ny fandraisana anjara izay entin'ny Fanjakana ahafahan'ny sehatra tsy miankina mampihatra ilay fampiakarana ny karama farany ambany.

**MINISITERAN'NY ASA VAVENTY**

Noraisina ny didim-panjakana manambara ho tombotsoan'ny daholobe ireo asa fanajariana sy fandrakofana tara ny « RNS5 » mampitohy an'i Soanierana Ivongo sy Mananara Avaratra, sy ny fakàna ireo ampahan-tany sy/na trano izay voakasiky ny asa amin'ny alalan'ny fifanarahana tsotra na fanoneram-bidy ataon'ny Fanjakana noho tombotsoam-bahoaka

## III- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY SAMPANDRAHARAHAN'NY FANANAN-TANY**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-667 tamin'ny 10 aprily 2019 ary manendry **an'Atoa. ANDRIAMAHAFALY Rabearimanana Zaka,** ho Directeur Général du Fonds National Foncier ou FNF
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1085 du 13 octobre 2021 ary manendry an-dRamatoa **RAVELOSON Olinirina Suzy Sarah,** ho Directeur de la Programmation et du Suivi-Evaluation eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy Sampandraharan'ny Fananan-tany

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'Atoa. **RABEARIVONY Niaina** sy **Atoa. BELALAHY Aubin Aurore**, ho Governora Lefitry ny Banky Foiben'i Madagasikara.

**MINISITERAN'NY ATI-TANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**

- Noraisina ny didim-panjakan laharana manendry an'**Atoa**. **RAKOTONDRAVALY Danielli Pascal**, ho Lefitry ny Prefet de Police an'Antananarivo.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha Projet de décret 2019-535 tamin'ny 27 martsa 2019 ary manendry an'Atoa. **TODIVELO Cyrille**, ho Lehiben'ny Distrikan'i Port Bergé.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-149 tamin'ny 20 febroary 2019 ary manendry an'Atoa. **ANDRIANARIMANGA Solofoarimanana**, ho Lehiben'ny Distrikan'Antanambao Manampotsy.

**MINISITERAN'NY FILAMINAM BAHOAKA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-836 tamin'ny 29 jolay 2020 ary manendry ny **Commissaire Principal de Police ANDRIANALISON Haminiaina Solofotiana**, ho Talem-paritry ny Filaminam-bahoaka eto Analamanga

**MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANAN'ASA, NY ASAM-PANJAKANA ARY NY LALANA SOSIALY**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1171 tamin'ny 06 jona 2019 ary manendry **an-dRamatoa FLORENT Soatiana Bety Léonne,** ho « Directeur de l'Appui à l'Insertion Professionnelle des Jeunes et des Sans Emplois » eo anivon'ny minisiteran'ny asa, ny fampananan'asa, ny asam-panjakana ary ny lalana sosialy.

**MINISITERAN'NY FIZAHANTANY**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-987 tamin'ny 29 septambra 2021 ary manendry an'Atoa. **RAMINOHARIJAONA Tojo Nantenaina,** ho Talen'ny « Systèmes d'Information et de la Communication » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fizahantany.

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1255 tamin'ny 30 septambra 2020 ary manendry an'**Atoa RAMANANTSOA Jonah Michel,** ho « Directeur des Patrimoines, des Infrastructures et de la Logistique (DPIL) au sein de la Coordination Générale des Projets » eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena

**MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1231 tamin'ny 10 novambra 2021 ary manendry an'**Atoa HARISON Stéphanio André,** ho Talen'ny Fifandraisana amin'ny Daholobe eo anivon'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina

**MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1047 tamin'ny 06 oktobra 2021 ary manendry an'**Atoa. RANDRIANJARA Zafy Athanase**, ho « Directeur des Affaires Juridiques » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny toetrandro

**MINISITERAN'NY ASA VAVENTY**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Atoa**. **ANDRIAMIHARISOA Miora Nantenaina,** ho Talem-paritry ny Minisiteran'ny Asa Vaventy eto Analamanga
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAKOTOBE Soloariseheno Odonette,** ho « Directeur Général par intérim de l'Institut National de l'Infrastructure »(ININFRA).

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-693 tamin'ny 10 aprily 2019 ary manendry an'**Atoa**. **RAMORA Gio Francisco**, ho Talem-paritry ny Fambolena sy Fiompiana ao Anosy (DRAE)
- Noraisina ny didim-panjakana manendry ny **Général de Brigade BEHIVOKA Fiederch**, ho Directeur du Suivi et Evaluation du Fonds de l'Elevage (FEL).

**MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1054 tamin'ny 06 oktobra 2022 ary manendry an-d**Ramatoa RAZAIVAOVOLOLONIAINA Helinoro Diamondra**, ho Sekretera Jeneraly eo anivon'ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana

**MINISITERAN'NY HAITAO SY NY ASA TANANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Atoa**. **RAEVONIAINA Luis Manera**, ho Talem-paritry ny Haitao sy ny Asa Tanana ao Anosy
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-**dRamatoa ANDRIANJAFINJANAHARY Ihasmina Nantenaina**, ho « Directeur de la Programmation et du Suivi-Evaluation (DPSE) » eo anivon'ny Minisiteran'ny Haitao sy ny Asa Tanana
- Noraisina ny didim-panjakana manendry **an'Atoa. RAKOTOHARISOA Nasaina Donatien**, ho Talem-paritry ny Haitao sy ny Asa Tanana ao Alaotra Mangoro
- Noraisina ny didim-panjakana laharana manendry An'**Atoa**.**RAHERISOLOFONARIMIADANA Efraima Tovonary**, ho Talem-paritry ny Haitao sy ny Asa Tanana ao Ihorombe

**MINISITERAN'NY MPONINA, NY FIAHIANA SOSIALY ARY NY FAMPIVOARANA NY VEHIVAVY**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-179 tamin'ny 20 febroary 2019 ary manendry an-**dRamatoa RASOANIRINA RAKETAMANGA Ignace Olga**, ho Talem-paritry ny Mponina sy Fiahiana Sosialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy ao Boeny

**SEKRETARIAM-PANJAKANA MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1381 tamin'ny 08 desambra 2021 ary manendry ny **Colonel RAZAFIALISON Cyr**, ho « Commandant de la Circonscription de la Gendarmerie nationale de Fianarantsoa ».

**SEKRETARIAM-PANJAKANA MIADIDY NY TANANA VAOVAO SY NY TOERAM-PONENANA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'Atoa. **RAKOTOMALALA Samuel, ho Chef de l'Unité de l'Audit Interne et Doléances** eo anivon'ny Sekretariam-panjakana miadidy ny tanana vaovao sy ny toeram-ponenana eo anivon'ny fiadidiana ny repoblika

# IV- FANAFOANANA

**PRIMATIORA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha-2003-997 tamin'ny 09 oktobra 2003 nanendry ny Talen'ny Arofenitra eo anivon'ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta

**MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1719 tamin'ny 4 septambra 2019 manendry ny Talem-paritry ny Serasera sy ny Kolontsaina ao Atsimo Andrefana (abrogation)

**Natao ny 4 May 2022**
**Ny Fitaleavan'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Daholobe**
**eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**